

**Tantara Ho an'ny Ankizy, Sabatan'ny Fanahin'ny Faminaniana**  
**Ilay Tetika Tsy Nahomby**  
*Nosoratan'i Chantal Klingbeil*

I Sargent sy Robbins dia naneho olana. Ireto mpitory roalahy nanendry tena ireto dia nampianatra zavatra hafahafa izay nampikorontan-tsaina sy nahakivy ny mpino tao Boston. Nisy mpino sasany nandre fa ilay zazavavy antsoina hoe Ellen Harmon dia nahazo hafatra vitsivitsy mampahery avy tamin'Andriamanitra, koa dia nangataka azy izy ireo mba ho tonga hiresaka amin'ny vondrona nisy azy ireo.

Nandre ihany koa i Sargent sy Robbins fa ho avy i Ellen Harmon koa dia nanapakevitra izy ireo fa tsy maintsy hampanalavirina an'ireo mpino amin'ny fomba rehetra izy. Ahoana anefa no hanakanana azy tsy ho tonga kanefa efa nasaina izy? Nahita hevitra izy ireo izay noheveriny fa tetika tena maty paika. Hovàn'izy ireo fotsiny ny toerana hivoriana ka amin'izay i Ellen Harmon dia hamantana trano foana, satria ny olona rehetra nantenainy hiresahana dia ho any an-toeran-kafa hihaino azy roalahy hitory teny. Nolazain'i Sargent sy Robbins tamin'i Otis Nichols, izay hitondra an'i Ellen sy ny rahavaviny amin'ny fiara, fa hivory ao amin'ny trano anankiray ao Boston izy ireo; nefa nanambara tamin'ny mpino izy ireo fa ny fivoriana dia hatao amin'ny trano iray any Randolph, tokony ho folo kilaometatra eo ho eo any atsimon'i Boston.

Toa nandeha tsara araka ny nanantenana azy ny zavatra rehetra. Tonga tany Randolph ireo mpino ka dia afaka nitory teny tamin'izy ireo i Sargent. Teo ampovoan'ny toriteny nefa dia indro fa niditra ny fianakaviana Nichols niaraka tamin'i Ellen sy Sarah Harmon. Tamin'ny alalan'ny fahitana no nahafantaran'i Ellen ilay fiovana adiresy.

Taorian'izay dia niharatsy hatrany ny fandehan-javatra ho an'i Sargent sy Robbins. Nahazo fahitana teo imason'ny olona rehetra i Ellen. Niezaka nihira sy niantsoantso nanonona andalan-tenin-tSoratra Masina i Sargent sy Robbins mba hisakanana ny olona tsy handre izay lazainy. Nandritra io fahitana io dia nihazona Baibolim-pianakaviana lehibe iray i Ellen Harmon ary nanangana ilay Baiboly avo noho ny lohany ka namadika ny pejy tamin'ny tãnany anankiray. Tsy nijery akory izay tondroin'ny rantsan-tãnany izy nefa nanonona izay andininy voasoratra tao. Ary farany, tamin'ny feo efa farina dia tsy afaka nanao na inona na inona intsony i Sargent sy Robbins mba hanelingelenana ity irak'Andriamanitra izay nanaporofa tao amin'ny Baiboly fa diso ny zavatra nampianarin'izy ireo. Nitondra fanantenana ho an'ny olona ny teny nolazain'i Ellen - ny olona rehetra mihitsy afa-tsy i Sargent sy Robbins ihany. Nandao azy ireo tanteraka ny fanantenana mbola hanohy hery miasa mangina teo amin'ilay vondrona rehefa nivoaka tamim-pahanginana niala ny fivoriana izy ireo. Tsy nahomby ny tetika nataon'izy ireo !